MADAME MISHAH, HAFARI MALAGASY

# Mijoro miady amin'ny herisetra mahazo ny vehivavy

Manoloana ny olana maro samihafa mianjady amin'ny tokantrano Malagasy dia mirotsaka an-tsehatra amin'ny resaka sosialy Ramatoa Mishah, izay miaraka miasa akaiky amin'ny fikambanana Hafari Malagasy. Tsy vao izao izahay hoy Ramatoa Mishah no nanao asa sosialy fa efa hatramin'ny taona maromaro. Fa amin'ny maha vehivavy ahy hoy izy raha tafaresaka tamin'ny gazety dia nomeko vahana ny fitsinjovana manokana ny andriambavilanitra amin'ny maha renim-pianakaviana ahy. Maro ny herisetra mianjady amin'ny vehivavy ankehitriny, eny efa hatramin'izay hoy izy, dia izay no isan'ny ijoroako ao anatin'izay zavatra izay. Manampy ny vehivavy sy manome torohevitra izay tokony hatao hoe mila miasa ny vehivavy, tsy mila miantehitra be loatra amin'ny lehilahy, fa mila manana ny fahaleovantenany mihintsy. Ny zavatra voiziko ao anatin'ity zavatra ity dia ny hoe aza miraharaha ny resaka herisetra eo amin' ny fiaraha-monina, fa efa



*Ramatoa Mishah avy amin'ny fikambanana Hafari Malagasy.*

eto izahay hoy Madame Mishah hiaro antsika vehivavy. Ny vehivavy dia manana ny anjara toerany lehibe eto amin'ny firenena, tsy misy mandeha ny tokantrano raha tsy misy ny vehivavy. Ny zavatra efa natoanay hatramin'izay hoy Ramatoa Mishah tamin'ny fitsinjovana ny vehivavy dia tsy natomboka tamin'ny zavatra goavana be, satria isika hoy izy tsy maintsy mandeha tsikelikely. Miainga avy amin'ny fandraisana ny vehivavy aloha dia ny fampianarana azy ny fomba fiaina. Eo koa ny fanovàna ny toetsaina tsikelikely ilay hoe fanjanahana ao antokatrano. Eo ny fijerena ny asa tokony hatao, fa ny voalohany indrindra dia ny fijerena ireo vehivavy sahirana toy ireo mpanasa lamba, ohatra: raisiko amin'izany . Nomena fond de demarrage, na vola hoenti-miainga aloha izy ireo ary nomena fitaovana. Tsy maintsy narahina maso anefa izy ireny sao tsy mandeha araka ny tokony ho izy ny fanampiana natao. Tsy miverimberina ny fanampiana ho an'ireo sahirana, fa jerena mihintsy ny zavatra tokony hahafahany mivelona. Raha hita fa mivoatra be dia ampiana bebe kokoa ireo vehivavy ahafahany tsy miankindoha intsony. Eto aho hoy Madame Mishah dia manambara amintsika vehivavy, aza atao hoe fanaka malemy intsony, fa tadidio fa matanjan-tsaina isika ary manana hery eto amin'ny tany sy ny firenena. Ataovy ao an-tsaina ilay hoe miasa vao mihinana . Ny tanjona dia hananantsika vehivavy andraikitra eto amin'ny firenena. Raha misy ny vehivavy te hanatona ny fikambanana dia ao amin' ny 67 ha sy Anosizato biraon'ny HAFARI MALAGASY. Efa misy koa eny amin'ny tambazotran-tserasera ahafahana mifanerasera. Ny hafatra ho an'ny vehivavy avy amin'i Ramatoa Mishah dia aza atao ambaninjavatra ny tokantrano na misy aza ny asa aman'andraikitra. Manome courage na famporisihana ny vehivavy aho amin'ny fahasahiranana mianjady amintsika , sahia mijoroa, aza matahotra fa efa misy mpiaro izao ny vehivavy, hoy izy.

**Helisoa**

Tsy fandriampahalemana

# Maty voatifitra i Sirama, mpanafika fiara, sy mpangalatr'omby

Maty voatifitry ny zandary any Antsohihy faritra Sofia ny jiolahy antsoina hoe Sirama, jiolahy mitam-piadiana mpanakan-dalana sy mpanafika fiara ary mpangalatr'omby. Nahazo fitarainana momba ny fisian'ny fanakanan-dalana sy fanafihana mitam-piadiana ataon'olon-dratsy amin'ny lalam-pirenena faha-06 ny vondron-tobim-paritra Antsohihy , andro vitsy lasa izay . Fiara mpitondra entana, vary , kafe amin'ny gony no lasibatry ny asan-dahalo tamin'iny lalam-pirenena faha-06 iny, anatin'ny kaominina Ambodimandresy eo anelanelan'Antanambao avaratra sy Antsaribao. Nisy araka izany ny fepetra sy fidinana ifotony nataon'ny zandary , tarihan'ny Kapiteny Tobiasy , komandy ny vondron-tobim-paritra Antsohihy , rehefa nahazo fitarainana sy loharanom-baovao avy amin'ny olona tsara sitra-po , manodidina izany toerana voalaza izany. Jiolahy telo efa mpampihoro vahoaka sy mpanao asa ratsy amin'iny lalam-pirenena iny, no nametrahan'ny zandary paikady, ahafahana misambotra azy telo mirahalahy , saingy nampiasa basy teny ampelatanany ireto farany. Nitifitra zandary, ka raikitra ny fifanjevona. Maty voatifitra tamin'izany i SIRAMA ary azon'ny zandary ny basy izay nampiasainy efa tena raitra tokoa . Tafaporitsaka kosa ireo namany roa hafa , rehefa nandositra anaty kirihatr'ala amin'ny andro mbola maizina , tokony ho tamin'ny 03 Ora maraina afak'omaly. Dahalo raindahiny amin'ny fanafihana mitam-piadiana eny amin'ny lalam-pirenena faha-06 , anisan'ny tompon'antoka tamin'ny fanafihana ireo fiara tao Andrevorevo sy Marovantaza , tsy nahazaka tanàna intsony ka nifindra-monina no sady mbola nanohy ny asa ratsiny , ary efa malaza amin'ny fanaovana halatr'omby i SIRAMA. Mitohy ny fikarohana ireo namany. Ny faharatsian'ny lalana noho ny fotoam-pahavaratra , no anararaotan'ireo jiolahy anakanan-dalana. Marihina fa tranga voalohany tamin'ity taona ity , ny fanafihana tamin'ny lalam-pirenena faha-06 voalaza teo io.

**Niaina**



*Ireo zandary nanao ny asany tany Antsohihy.*

Andrimaso ho an'ny Fahamarinan'ny Fifidiana (AFF)

# Ireo maha-zava-dehibe ny fisoratana amin'ny lisitry ny mpifidy

***AMIN'NY FARAN'NY VOLANA MEY VAO HIFARANA NY FISORATANA ANARANA AO ANATIN'NY LISITRY NY MPIFIDY:***

**NY MAHAZAVA-DEHIBE NY FISORATANA ANARANA AO ANATY LISITRY NY MPIFIDY**


Raha tsy voasoratra anarana ao anatin'ny Lisitry ny Mpifidy isika dia :

- Tsy afaka handatsa-bato hifidy
- Tsy afaka hilatsaka hofidina
- Tsy afaka ny hotendrena mpikambana ao amin'ny Birao fandatsaham-bato
- Tsy afaka ny hanaramaso ny Fifidianana
- Tsy afaka ny hanao fitarainana sy hametraka fitoriana mikasika ny Fifidianana

Noho izany dia :

-Zava-dehibe ny fisoratan-tsika anarana ao anaty Lisitry ny Mpifidy, mba hahafahantsika mandatsabato hamaranana izao fitondrana tsy mahomby mampijaly ny Vahoaka sy mampahantra ny Firenena izao, ka hametrahantsika miaraka Fitondrana tsara tantana hitondra fampandrosoana

- Zava-dehibe ny fisoratantsika anarana ao anaty Lisitry ny Mpifidy, mba hahafahantsika hanaramaso ny fifidianana hisorohana ireo fandikan-dalàna sy halabato mety hataon'ny sasany hamadihana ny safidim-bahoaka



*Lisi-pifidianana eny amin'ny fokontany.*

**FANENTANANA NY REHETRA HISORATRA ANARANA AO ANATY LISITRY NY MPIFIDY**

Araka ny fanambarana nataon'ny CENI dia mbola azo atao ny fisoratana anarana ao anaty lisitry ny Mpifidy eny anivon'ny Fokontany hatramin'ny volana mey 2023 izao. Noho izany dia manainga antsika rehetra, mba hanentana sy hitaona ny namana, havana sy ny mpiara-monina rehetra feno 18 taona, mba hanatona eny amin'ny Biraon'ny Fokontany misy antsika, mitondra ny karapanondrompirenena (CIN), hisoratra anarana ao anaty Lisitry ny Mpifidy.

**FANARAHA-MASO NY LISITRY NY MPIFIDY**

Rehefa vita ny famaranana vonjimaika (arrêtage provisoire) ny Lisitry ny mpifidy dia tsy maintsy miverina eny anivon'ny Fokontany, ny Lisitry ny mpifidy hanaovan'ny rehetra fanamarinana sy fanitsiana. Noho izany, rehefa tafaverina eny anivon'ny Fokontany misy antsika ny Lisitry ny Mpifidy, any amin'ny volana martsa any ho any, dia manainga antsika rehetra, mba handray andraikitra hifanentana ka ho tonga eny amin'ny Biraon'ny Fokontany mba : 1

- Hanamarina ny anarantsika raha voasoratra ao anaty Lisitry ny Mpifidy ary hanao fitarainana sy fanitsiana raha tsy voasoratra na misy ny diso
- Hijery raha misy ny tsy ara-dalàna ao anaty Lisitry ny Mpifidy : ny anarana miverimberina (Doublon), ny olona efa maty, ny olona tsy ampy taona, ny olona efa nifindra monina, ka tsy mipetraka intsony eo amin'ny Fokontany.

Raha misy ny tsy ara-dalàna hita ao anaty lisitry ny Mpifidy dia manentana ny rehetra mba handray andraikitra tsy hanaiky lembenana ka :

- Hanao fitarainana eny amin'ny Fokontany ho fanitsiana - Hampahafantatra amin'ny fomba rehetra (Haino aman-jery, tatitra an-tsoratra, …) ny tsy fanarahan-dalàna hita ao amin'ny Lisitry ny Mpifidy.

**FANARAHA-MASO IREO FANDIKAN-DALANA METY HITRANGA**

Manentana antsika rehetra hiambina sy hanaramaso izay mety ho tsy fanarahan-dalàna mitranga amin'izao fanaovana ny Lisitry ny Mpifidy izao. Tsy azo ekena ireto fihetsika manaraka ireto :

- Fanilikilihana ny olona sasany tsy hisoratra anarana ao anaty Lisitry ny Mpifidy
- Fanerena na tsindry ataon'ny Solotenam-panjakana amin'ny Lehiben' ny Fokontany sy ny tompon'andraikitry ny CENI eny amin'ny Fokontany, hanao hosoka amin'ny fanamboarana ny Lisitry ny Mpifidy.

Mba hahafahana hanatanteraka ireo rehetra ireo dia ilaina ny fandaminana sy fametrahana fomba fiasa mirindra sy maty paika. Noho izany, manentana antsika rehetra hiray hina, ka hivondrona hanangana isaky ny Fokontany ny : **ANDRIMASO HO AN'NY FAHAMARINAN'NY FIFIDIANANA (AFF).**

**Nangonin'Isambilo**

Tsy fandriampahalemana

# Maty notapahan-doha, vehivavy bevohoka sy ny zanany lahikely

Nisehoana habibiana famonoana olona tany amin'ny distrikan'i Sakaraha faritra Atsimo Andrefana tamin'ity herinandro ity. Vehivavy bevohoka sy ny zanany lahy no nisy nanapaka ny lohany ary lasan'ireo namono ny lohan'izy mianaka raha ny vaovao voaray. Nahitana razana roa efa tsy misy loha intsony, tany amin'ny 200 m atsimon'Ambokalava, toeram-pitrandrahana safira, any Soaserana-Miary-Taheza, distrikan'i Sakaraha. Mpianaka ireo hita faty ireo. Mitondra vohoka ilay reny, 25 taona, 5 taona kosa ilay zanany lahy.

Avy any Ambatoabo Fort- Dauphin izy mianaka. Tsy misy havany ao Ambokalava, fa hitrandraka safira no nahatongavan'izy ireo tany. Manohy ny fanadihadiana momba ity raharaha ity ny zandary any an-toerana amin'izao fotoana.

**Stefa**